# Ilay Voa Tsara Nafafy 17 Jolay 2018

# 17 Talata
jolay

**Raha misy olona manao hoe : Miadana sy mandry feizay, dia hanjo azy tampoka ny fandringanana, … ka tsy ho afa-mandositra mihitsy izy.** 1 Tesaloniana 5. 3

***(Hoy Jesosy :)*** **Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo ; tsy tahaka ny fanomen' izao tontolo izao no fanomeko anareo.** Jaona 14. 27

**Inona no azo antenaina ?**

Ny 19 jolay 1992 dia nisy namono niaraka tamin'ny mpiambina azy ny mpitsara Paolo Borsellino, ilay lohalaharana tamin'ny ady atao amin'ny mafia any Palermô (any Italia). Nomelohin'ny rehetra tamin'ny teny henjana indrindra izany heloka bevava izany. Nefa io fanamelohana nitovizan'ny rehetra hevitra io, dia tsy mahafafa ny fahatsapana hoe tsy mahavita na inona na inona, manoloana herisetra mikendry ireo olona miaro ny fahamarinana sy ny fandriampahalemana. Izany tsy fahafahana manafoana ny ratsy izany dia mampiharihary ny harefon'ny fiarahamonina ary mety hivadika tampoka ho herisetra faran'izay mahery vaika.

Lazain'ny Baiboly antsika fa tsy ho ela izany fiovana izany dia hanosika ny ankamaroan'ny olona hanaiky fahefana arapôlitika sady ara-pivavahana mifamatotra mivantana amin'i Satana. Raha vao tafapetraka io fahefana io, dia ho re etsy sy eroa ny antso hoe : „Fiadanana sy fandriampahalemana". Ho fiadanana ivelany ihany anefa izany. Hiorina amina rafitra tsy misy an'Andriamanitra io fiadanana ivelany io, hapetraka mpitondra tsy mifaditra ovana sy lozabe, manao didy jadona ary hamono ireo rehetra manohitra azy. Ny boky farany ao amin'ny Baiboly, Apokalypsy 13, no milaza ny momba io tranga io. Na izany aza anefa, tsy hipetra-potsiny tsy akory Andriamanitra, fa hiditra an-tsehatra ka hitsara, araka ny asehon'ny Tenin'Andriamanitra voalohany nomena androany.

Fa anio kosa, alohan'ny hahatongavan'izany trangan-javatra izany, dia taomin'Andriamanitra isika mba hanaiky ny Tompo Jesosy ho Mpamonjy. Andriamanitra, noho ny hamoram-panahiny, dia mitaona ny olona tsirairay handray ny famonjena atolony, mba tsy hiharan'ny fitsarana. Izay mino ny Tompo Jesosy dia mahazo famelan-keloka sy ny tena fiadanana… Satria izy miandry ny fiverenan'i Jesosy, Izay haka ny olony mba hiaraka aminy ho mandrakizay.